WIKIPEDIA

Fiteny kimera

Ny **fiteny kimera** dia fiteny voasokajy ao amin'ny fianankavian'ny fitney môn-khmer ao amin'ny fiteny aostrô-aziatika. Any Kambodia (Cambodge) sy manodidina izy no tenenina.

Io fiteny io dia fiteny tsy manara-peo ohatra ny fitenin'ny firenena manodidina azy.

Misy 13 tapitrisa eo ho eo ny isan'ny mpiteny kimera.

kimera
ភាសាខ្មែរ
[pʰiːəsaː kʰmaːe]

Isan'ny mpiteny	14,7 — 20,6 tapitrisa
Faritany	Kambodia, Vietnam, Tailandy, Etazonia, Frantsa, Aostralia
Sata	Kambodia (teny ofisialy)

Votoatiny

Fanoratana ny fiteny kimera
Abidy
Rafi-peo
Feo sy fanononana
Renifeo
Zanapeo
Rafitry ny vaninteny
Rohy ivelany
Tsiahy

Fanoratana ny fiteny kimera

Lahatsoratra antsipirihany : Abidy kimera.

Ny fiteny kimera dia mampiasa abidy ho azy manokana.

Ny abidy kimera dia manana renifeo 33 ary zanapeo 23 (na 24 arakaraky ny mpanoratra). Fa mbola betsaka nohon'io ny isan'ny zanapeo ; mba tsy ho betsaka ny isan'ny zanapeo, nahita fika iray ny mpamorona ilay abidy.

Ny renifeo iray dia ao amin'ny sokajy roa, maivana na mavesatra. Raha ao amin'ny sokajy voalohany ny zanapeo iray, mamoaka feo manokana izy ary raha ampiaraha aamin'ny zanapeo avy amin'ny sokajy faharoa izy, mamoaka feo hafa indray izy. Dikan'izany, ny zanapeo soratana sia manana fanononana roa (afatsy roa na telo mitazona ny feony)

Ny ankabeazan'ny renifeo (12) dia atao indroa (12x2=24) fa tsy izy rehetra (33-24=9). Misy tsindrim-peo ampiasaina mba hisolo sokajy ary izy io afahana mandrakotra ny fahefana rehetra io fomba io.

Rehefa tsy misy zanapeo miaraka amin'ila renifeo, ny feo avoaka dia an'ilay zanapeo ao anaty (tsy soratana matetika). Ny renifeo maivana dia manana zanapeo anaty mitovy amin'ny /a/ ary ny renifeo mavesatra dia mamoaka zanapeo manakaiky ny /o/. Kanefa, tsy afaka ampiasaina irery ny zanapeo, tsy maintsy miaraka amina renifeo iray izy.

Miaraka amin'ny zanapeo anaty, manome 25 x 2 = zanapeo 50, mety ngeza be izany. Tsy mitovy amin'ny mpandinika teny ny dikan'ny zanapeo any amin'ny kimera. Ohatra : o fohy, o lava, o arahan'ny m, o arahan'ny h, o arahana fijanonana dia manao zanapeo dimy. Manana zanapeo misosona maromaro koa ilay fiteny.

Miampy amin'izany, ny abidy kimera koa dia manana zanapeo lazaina hoe malalaka, noho izany dia tsy voatery ampiarahana amina renifeo izy. Manana feom-baninteny manokana zareo ary tsy ao anatin'ny abidy. Mety ho voafafa izy ireo, ary efa nosoloina ny sasany amin'izy ireo. Mety fafana izy, fa etimôlôjika sy ara-tantara ny tombon-tsoany.

Ny ankabeazan'ny renifeo (afatsy ny ng) dia hita amin'ny fiteny frantsay na dia hoe tsy dia mitovy tsara aza ; kanefa ny fiteny frantsay sy ny fiteny malagasy dia manana feo tsy fantatra amin'ny fiteny kimera kanefa matetika ampiasaina amin'ireo fiteny ireo (ny *f* sy ny *z* ohatra).

Rehefa misy renifeo roa ny vaninteny iray, atao kely ny hangezan'ny renifeo faharoa azy lazaina hoe "renifeo tongotra" satria eo an-tongon'ny voalohany no misy azy.

Mety hita sarotra io fomba fanoratana io. Ny frantsay tamin'ny anivon'ny taonjato faha 20 efa nanandrana nanao abidy latina an'i fiteny kimera, fa tsy vitany no nandidy azy noho ny isan'ny zanapeo be loatra. Vitan'ny ankizy tsara no mampiasa io fanoratana io, dikan'izany, na dia misy hebakebaka aza, mety tsara ho an'ny fiteny kimera io fanoratana io.

Abidy

Renifeo

Litera	Feo	Litera	Feo	litera	feo	litera	feo	litera	feo
ក	kɑɑ	ខ	khɑɑ	គ	kɔɔ	ឃ	khɔɔ	ង	ŋɔɔ
ច	cɑɑ	ឆ	chɑɑ	ជ	cɔɔ	ឈ	chɔɔ	ញ	ɲɔɔ
ដ	dɑɑ	ឋ	tɑɑ	ឌ	dɔɔ	ឍ	thɔɔ	ណ	nɑɑ
ត	tɑɑ	ថ	thɑɑ	ទ	tɔɔ	ធ	thɔɔ	ន	nɔɔ
ប	bɑɑ	ផ	pɑɑ	ព	bɔɔ	ភ	pɔɔ	ម	mɔɔ
យ	jɔɔ	រ	rɔɔ	ល	lɔɔ	វ	vɔɔ		
ស	sɑɑ	ហ	hɑɑ	ឡ	lɑɑ	អ	ʔɑɑ		

Rafi-peo

Ny sistema ara-drafipro dia hosoratana eto arakaraka ny fanononana ilay fiteny, fa tsy hoe ahoana no manoratra azy amin'ny abidy kimera.

Feo sy fanononana

Renifeo

	Eo amolotra	Dental[1]/Alveolar	Palatal	Velar	Glottal
Plosive	p (pʰ)	t (tʰ)	c (cʰ)	k (kʰ)	ʔ
Implosive	ɓ ~ b	ɗ ~ d			
Nasal	m	n	ɲ	ŋ	
Liquid		r l			
Fricative		s			h
Approximant	ʊ		j		

Zanapeo

Zanapeo kimera voalohany[2]

Lava	iː	eː	ɛː	ɨː	əː		aː	uː	oː	ɔː
fohy	i	e		ɨ	ə	ɐ	a	u	o	
Zanapeo misosona lava	iə̯	ei̯	ɐe̯	ɨə̯	əɨ̯	ɐə̯	ao̯	uə̯	ou̯	ɔə̯
Zan. mis. fohy		eə̆						uə̆	oə̆	

Zanapeo kimera faharoa[3]

Lava	iː	ɐː	eː	ɛː	ɯː	ə̟ː	əː	aː	uː	o̟ː	oː	ɔː
Fohy	i	e		ɛ	ɯ	ə		a	u	o		ɔ
Zan. mis. lava	iə̯	aɛ̯						aə̯	o̟u̯			ao̯
Zan. mis. fohy				ɛə̯								ʷɔ

Ny tena isan'ny zanapeo ampiasaina dia miova arakaraka ny fiteny. Ny zanapeo lava sy fohy dia voaavaka amin'ny halavany.

Rafitry ny vaninteny

Ny teny kimera dia matetika vita vaninteny iray na vaninteny iray sy tapany, ny tsindrim-peo dia tonga eo amin'ny vaninteny farany. Ny teny manana vaninteny iray sy tapany dia manana vaniteny roa amin'ny lafin'ny ara-drafi-peo, anatin'izany tranga izany, ny vaninteny voalohany dia afaka fantarina mialoha. Ny teny manana vaninteny roa dia matetina nindramiina, na vokatry ny fametrahana tsirinteny. Azo atombohana amin'ny iray amin'ny gropy renifeo miroa 85 ny teny miaraka amin'ny fiovana ara-drafipeo manaraka :

	p	**ɓ**	**t**	**ɗ**	**c**	**k**	**ʔ**	**m**	**n**	**ɲ**	**ŋ**	**j**	**l**	**r**	**s**	**h**	**ʊ**
p			pʰt-	pɗ-	pʰc	pʰk-	pʔ-		pʰn-	pʰɲ-	pʰŋ-	pʰj-	pʰl-	pr-	ps-		
t	tʰp-	tɓ				tʰk-	tʔ-	tʰm-	tʰn-		tʰŋ-	tʰj-	tʰl-	tr-			tʰʊ
c	cʰp-	cɓ				cʰk-	cʔ-	cʰm-	cʰn-		cʰŋ-		cʰl-	cr-			cʰʊ-
k	kʰp-	kɓ	kʰt-	kɗ-	kʰc		kʔ-	kʰm-	kʰn-	kʰɲ-	kŋ-	kʰj-	kʰl-	kr-	ks-		kʰʊ-
s	sp-	sɓ	st-	sɗ-		sk-	sʔ-	sm-	sn-	sɲ-	sŋ-		sl-	sr-			sʊ
ʔ																	ʔʊ-
m			mt-	mɗ-	mc		mʔ-		mʰn-	mʰɲ-			ml-	mr-	ms-	mh-	
l	lp-	lɓ				lk-	lʔ-	lm-			lŋ-					lh-	lʊ-

Ny vaninteny dia manomboka amin'ireo renifeo na gropy renifeo ireo, arahan'ny zanapeo lohany. Ny fanatrohana anaty gropy dia alôfônika. Rehefa fohy lny halava ny zanapeo lohany, misy renifeo famaranana izy.

Rohy ivelany

- Klavie kimera an-tsehatra (http://www.easybabel.com/html/kh-khm-kbd.html)

Tsiahy

1. http://hmongrp.wisc.edu/IPPL%20Khmer/inetpub/wwwroot/ipa/khmer/khmer.html
2. **Hadisoan-tsiahy: Balise <ref> incorrecte : aucun texte n'a été fourni pour les références nommées SIDWELL**
3. **Hadisoan-tsiahy: Balise <ref> incorrecte : aucun texte n'a été fourni pour les références nommées ELL**

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_kimera&oldid=691277"

Voaova farany tamin'ny 4 Janoary 2014 amin'ny 21:54 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.